# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Novambra 2018

# 15 Alakamisy novambra

**Mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo (izay tsara lavitra noho ny volamena mety ho simba, na dia voazaha toetra tamin'ny afo aza), dia amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy.** 1 Petera 1. 7

## Ao amin'ny sekolin'Andriamanitra

Efa am-bolana maro no nanomanako ny diako, kanefa dia rava tanteraka ny fikasako, noho ny loza nitranga : tapaka ny feko iray, herinandro maro aho tsy afaka nihetsika... Navelan'ny Tompo hitranga teo amin'ny fiainako izany toe-javatra ratsy izany, mba hanereny ahy hitady fanampiana eo aminy. Dia namaly ahy Izy, ka tsy vitan'ny hoe nataony niha matanjaka kokoa ny finoako, fa koa nomeny fahalalana Azy aho, fahalalana iainana tsy ho azoko na oviana na oviana tamina fomba hafa.

Tsy maintsy mitomany, vao mahafantatra Ilay Mpampionona ; tsy maintsy mitebiteby, vao mahita Ilay Mpanome toky ; tsy maintsy tandindomin-doza, vao mahita Ilay Mpiaro sy Mpanafaka. Tsy hisy intsony, any an-danitra, na fahoriana, na alahelo, na sakana hodinganina, na fahavalo horesena ; ka tsy hisy intsony, any, hahitako an'i Jesosy ho Ilay mamaha ireo olana rehetra ireo.

Ao anatin'ny zavatra mahatery ahy no ianarako mahafantatra an'i Kristy, ny heriny, ny fitiavany, ny fitsinjovany ahy. Ary izany angamba no manazava ny ankamaroan'ny fitsapana manjo ahy. Eny, ny fiainana andavanandro dia sekoly tsy hay soloina, noho ireo zava-tsarotra misy eo aminy ireo indrindra. Izany no ahafahako mahazo fahalalana velona momba ny Tompoko, Jesosy Kristy, fahalalana hiteraka fiderana mandrakizay. Avy amin'izay iainako andavanandro no hahaizako mahafantatra „ny fahasoavana maro samihafa izay an'Andriamanitra" (1 Petera 4. 10), ary izany fahasoavana izany dia ho iray amin'ireo lohahevitry ny fihirana any an-danitra, hohirain'ireo rehetra navotan'i Kristy.

Araka izany, rehefa tapitra ny fiainako etỳ an-tany, dia tsy Andriamanitra lavitra no handray ahy any an-danitra, fa Sakaiza efa fantatro.